FIANGONANA LOTERANA MALAGASY

SYNODAM-PARITANY EOROPA

TOBY POURU SAINT-RÉMY
Miray amin'ny
TOBILEHIBE ANKARAMALAZA

Pouru Saint-Rémy faha 02 Mai 2018

'..Ary ataovy ny trano, dia hankasitrahako izany, sady hankalazaina Aho, hoy Jéhovah.' Hagay 1.8 b

Ry Havana,

Hampitomboina aminareo mandrakariva anie ny fahasoavan 'i Jesosy Kristy Tompo.
Ny Raiamandreny sy ny Komitin'ny Toby Pouru Saint Rémy dia manasa anareo handray anjara amin'ny sakafon'ny Toby Pouru Saint-Rémy izay hatao ny Asabotsy faha 19 mai 2018 amin'ny 4ora tolakandro ao amin'ny Eglise Saint-Jean-Baptiste de la Salle, 70 rue Falguiére, **75015** Paris.

Ny tanjona amin'izany dia :

- Ho fampahafantarana antsika ny tantaran'ny fïfohazana sy ny Toby, ny fiandohany sy ny fototra ijoroany ary ny fitaran'ny asan'ny Tobilehibe Ankaramalaza aty ivelany,
- Ho asa fampiraisana ny zanaky ny Tobilehibe sy ny Fifohazana ary ny Fiangonana,
- Ho fanentanana amin'ny fanohanana ny fanorenana ny Toby Pouru Saint Remy,
- Ho fitadiavambola ho fanohanana ny Isantaonan'ny Toby Pouru Saint Remy izay hatao ny 9 ka hatramin'ny 14 jolay 2018 ho avy izao.

Ny Toby dia toerana voafidin'Andriamanitra hampaherezana izay reraka ara-panahy sy ara-batana, satria famonjena feno, amin'ny lafïny fiaraha-monina sy maha-olona no tian'Andriamanitra hatolotra izay olona manatona Azy. Ho an'ny rehetra ny Toby, tsy manavaka olona, na ara- pirazanana, na ara-pivavahana, na ara-tsosialy (fehim-pihavanana, fifanampiana, fifanotronana amin'ny antony samihafa, fifanajana...).

Noho izany asa lehibe ampanaovin'i Jesosy antsika izany no hitaomana antsika hiara-hientana handray anjara amim-pirahalahiana sy am-pitiavana amin'ny fikarakarana ny sakafo sy ny rindrankira hoentina manao izay fanompoana sitrak'Andriamanitra (Hebreo 12.28).

Manao veloma finaritra anareo amin'ny anaran' i Jesosy Kristy Tompo

Amin'ny anaran'ny Biraon'ny Komitin'ny Toby

Ny Filoha
Dr.RANDRIAMBOLOLONA Jean

Ny mpitan-tsoratra
RAMANATSOA Germain